HALELOIA

"Fa ny teny fikasana dia ho anareo sy ny zanakareo ary ho an'izay lavitra,
na iza na iza antsoin'i Jehovah hanatona Azy". Asa 2.39b

25 TAONA FLM PARIS

Ho anao ry Tomponay ô
Ray sy Zanaka Fanahy
Ny dera haja voninahitra
Eny ho Anao mandrakizay

Fa ny teny fikasana
'Zay voambara hatrizay
Nomena anay tsy misy sanda
Nomena koa ny zanakay

feo 1 : Raiso re | feo 2 sy 3 : Izao hira izao
feo 1 : Entinay | feo 2 sy 3 : Saotra ho Anao
feo 1 : Haleloia| feo 2 sy 3 : Haleloia
feo 1 : Haleloia| feo 2 sy 3 : Haleloia
feo 1 : Haleloia (in-4) | feo 2 sy 3 : Ha - le - lo - ia
Afaka amin'ny ota izahay
Jesosy no Mpamonjinay

Tsy mba misy tombo hala
'Zany fitiavanao
Fa ireo lavitry ny vala
No indro koa noraisinao

feo 1 : Raiso re| feo 2 sy 3 : Izao hira izao
feo 1 : Entinay | feo 2 sy 3 : Saotra ho Anao
feo 1 : Haleloia| feo 2 sy 3 : Haleloia
feo 1 : Haleloia| feo 2 sy 3 : Haleloia
feo 1 : Haleloia (4fois) | feo 2 sy 3 : Ha - le - lo - ia

Ho anao ry Tomponay ô
Ray sy Zanaka Fanahy
Ny dera haja voninahitra
Eny ho Anao mandrakizay

Tonony sy Feony : RAHARITIANASOA Zaka